Asa fikarohana nataon'ny Innocenti

2021-04

unicef Office of Research – Innocenti

# Let Us Continue Learning: Lesona avy amin'i Madagasikara entina manatsara ny fahazoana sy ny fihazonana ireo ankizy marefo any an-tsekoly mba ho tody hatrany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa izy ireo

Marco Valenza[i], Cirenia Chávez[i], Annika Rigole[ii], Andrea Clemons[iii], Alvaro Fortin[iii], Erica Mattellone[iii]

[i] Birao misahana ny Fikarohana UNICEF – Innocenti, Fanabeazana

[ii] Sampana misahana ny Fanabeazana, UNICEF

[iii] Biraon'ny UNICEF eto Madagasikara

## TOROHEVITRA LEHIBE ARA-POLITIKA

1. **Hamafisina ny fampianarana mifanaraka amin'ny zava-misy sy ny fanaraha-maso arahim-panitsiana mba hampitomboana ny tahan'ny fihazonana ireo mpianatra tody hatramin'ny farany tao amin'ny kilasy fanarenana sy hanatsarana ny fivoaran'izy ireo any an-dakilasy anatin'ny fotoana maharitra.** Mibaribary ny fiverenana an-tsekoly aoriana kelin'ny fahavitana ny taranja ho an'ireo mpianatra izay efa nahatontosa tanteraka ny programa tao amin'ny kilasy fanarenana. Ny atontan'isa dia mampiseho fa 90 ka hatramin'ny 99 isan-jaton'izy ireo no miverina any amin'ny fampianarana ambaratonga faharoa. Afaka taona iray anefa, mpianatra iray amin'ny efatra no mandao fianarana indray. Ireo izay nanohy nianatra teo amin'ny taona faharoa kosa dia mihoatra ny salan'isa tokony ho izy ny taham-pamerenan-taonany. Raha voalanjalanja tsara ny votoatin'ny lesona, ny fe-potoam-pampianarana, ireo fitaovam-pampianarana sy ny mari-drefim-pahombiazana mba ahafahana manao tomban'ezaka arakin'ny tokony ho izy mahakasika ireo mpianatra ireo mifanaraka amin'ny fahaizany, dia hitombo fahaizana kokoa ny mpianatra sady hihena kokoa ny famerenan-taona sy ny fandaozana sekoly. Fanampin'izany, ilaina ny fanohizana ny fampianarana fanarenana ho an' ireo mpianatra manana fahasahiranana izay mamerin-taona mba hanamafisana ny fahaizana fototra ilain'izy ireo hahafahany manohy ny fianarany.

2. **Ampitomboina ny ezaka fanaraha-maso mba hahafahana mamolavola vahaloana ara-pampianarana sy ara-toe-karena voafantina ka hampidinana ny tahan'ny fandaozana sekoly sy ny taham-pamerenan-taona.** Ny fananana fahalalana lalindalina kokoa momba ny toetoetr'ireo ankizy mamerin-taona sy mandao fianarana – tafiditra ao anatin'izany ny taona, ny fikirizana amin'ny fianarana, ny taona tsy nianarana sns. – no fomba ahafantarana hoe iza moa ireo mpianatra ireo, maninona no manana fahasahiranana izy ireo, ary inona no vahaolana mifanaraka indrindra amin'izany ka azon'ny fanabeazana sy ny fanohanan'ny ray aman-dreniny omena azy. Ilaina ny famahana ireo sakana ara-toe-karena manokana izay mitarika amin'ny fandaozana fianarana indray na ny fihenan'ny fankanesana any an-tsekoly amin'ny alalan'ny fanampiana ara-bola voatokana ho an'ireo tokantrano marefo.

3. **Manome fanohanana fanampiny ho an'ireo renim-pianakaviana tanora izay misoratra anarana amin'ny kilasy ambony.** Mihoatra ny iray ampahatelon'ny zazavavy 15 ka hatramin'ny 19 taona no efa mitaiza ao amin'ny faritra voafantin'ny Let Us Learn (LUL). Ny taham-pihazonana an-tsekoly – iray taona ao aorian'ny kilasy fanarenana – dia ambany lavitra ho an'ny tovovavy efa mitaiza raha mitaha amin'ny an'ny tovovavy iray kilasy aminy nefa tsy mbola manan'anaka. Etsy an-daniny, ireo mpianatra nahatontosa ny kilasy fanarenana izay nisoratra anarana ho amin'ny kilasy ambony kokoa any amin'ny sekoly ambaratonga faharoa, indrindra fa ireo mpianatra amin'ny taona famaranana dia manana taham-pamerenan-taona ambony kokoa. Ny fiantohana lesom-panarenana ao anatin'ny fotoana azo ifampiraharahana sy eny anivon'ny vondrom-piarahamonina dia mety ho fomba mahomby hahafahana mampihena ny halaviran'ny sekoly izay ahiana ho isan'ny antony mety hiteraka loza ara-pahasalamana amin'ny reny tanora sy ny tovovavy mitondra vohoka, no sady manamora ny fivezivezen'ireo mpianatra zokiny efa miasa izay mamonjy fianarana. Ny fampahafantarana ny reny tanora ny amin'ny fisian'ny sampana fitaizan-jaza, raha misy izany, na ny fanohanana ny fiantohana izany tolotra izany, ao anatin'ny tolotr'asan'ny LUL, dia mety hanampy ihany koa ireo reny tanora amin'ny fandrindrana ny fikarakarany ankohonana sy ny fianarana izay ataony. Ny fanentanana eo anivon'ny fiarahamonina dia afaka mampihena betsaka ihany koa ireo fomba fanao manimba toy ny fampanambadian-jaza aloha loatra ary mampiakatra ny fahatongavan-tsaina ara-pahasalamana sy ara-pananahana.

4. **Mampiasa vola betsaka kokoa mba hampitombo ny isan'ny olona izay hisitraka fianarana amin'ny faritra efa voafidy.** Na dia maro aza ny kilasim-panarenana manerana an'I Madagasikara, dia 4-6 isan-jato-n'ny zaza eny an-toerana ihany no misitraka an'izany amin'ireo zaza tsy mianatra any amin'ny faritra voafidy. Ilaina araka izany ny manokana vola betsaka kokoa mba ahafahana mampiditra ireo zaza tsy mianatra ireo amin'ny làlan'ny fampianarana dieny mbola misy ny fotoana, satria voamarina fa arakaraka ny maha ela ny fotoana tsy hianaran'ny zaza iray no maha sarotra ny hampidirana azy an-tsekoly indray. Mila làlam-pampianarana afainganina na fanarenana manokana izay mifanaraka amin'ny fahatakaran'ny mpianatra sy ny faha-elan'ny fotoana tsy nidirany an-tsekoly ireo zaza ireo.

5. **Mandray tsoa-kevitra avy amina voka-pikarohana mari-pototra mba hampisy vokatra tsara ateraky ny tosika ara-bola atao amin'ireo marefo indrindra.** Na dia eo aza ny fetran'ny fivelaran'ny tetik'asa izay tanterahan'ny LUL, dia efa nampitombo ny taham-pampianaran-jaza ho 6 isan-jato ho an'ny zaza 11 ka hatramin'ny 14 taona[1] ny fanohanana ara-bola karakarain'ny LUL. Na izany aza, ny voka-pikarohana dia manambara mazava fa mbola azo atao tsara ny mampitombo ny vokatra avy amin'izany tosika ara-bola izany, indrindra eny anivon'ireo fianakaviana izay efa misitraka izany fanohanana izany. Mba hahafahana manatsara ny fivelaran'ilay tetik'asa tosika ara-bola sy mahita vokatra tsara, dia ilaina ny manao jery todika ireo fanentanana mikasika ny tombontsoa ateraky ny fanatanterahana ny fandaharan'asa sy ny lamina ary ny fepetra mahakasika ny fisoratana anarana any an-tsekoly. Ilaina ihany koa ny fanomezana lanja misimisy kokoa ny isam-batan'olona raha toa ka isan-tokantrano izany hatramin'izay; manafoana ireo fepetra mikasika ny fanohanana ara-bola mba ahafahan'ieo rehetra voakasiky ny tetikása hisitraka izany no sady manavao indray ny sandan'ilay vola fanampiana mba hahatonga izany hisy fiantraikany kokoa amin'ny mpisitraka ary indrindra hampivoatra hatrany izany tosika izany.

1 Manan-danja lehibe amin'ny lafiny antontan'isa io elanelana io.

## MOMBAMOMBA NY PROGRAMA LET US LEARN ETO MADAGASIKARA

**Miatrika olana goavana ny tanora matoanto eto Madagasikara raha ny fidirana sy ny famitana fianarana eny amin'ny ambaratonga faharoa no asian-teny**. Ny taona 2019, 27 isan-jato monja ny tanora anatin'ny sokajin-taona ofisialy (11-14 taona) manerana ny firenena no tafiditra eny amin'ny ambaratonga faharoa ankoatra ny fisian'ny fahasamihafana lehibe eo amin'ny fidiram-bolan'ny mponina sy ny tsy fitoviana eo anivon'ny tontolo an-drenivohitra sy ambanivohitra (INSTAT sy UNICEF, 2019) Ny tahan'ny fidirana an-tsekoly any amin'ny ivon-toeram-pampianarana eny an-drenivohitra (48 isan-jato) dia efa mihoatra  avo roa heny raha mitaha amin'ny any ambanivohitra izay 21 isan-jato monja. 4 isan-jato monja ny tanora avy amin'ny sokajy farany mahantra indrindra amin'ny tokantrano no eny amin'ny ambaratonga faharoa, raha mitaha amin'ireo amin'ny sokajy farany manan-karena izay 67 isan-jato(INSTAT and UNICEF, 2019). Mpianatra iray amin'ny efatra (26 isan-jato) monja no mahavita ny fianarana ambaratonga faharoa hatramin'ny farany ny taona 2018 (UNESCO UIS data, 2018)

Eto Madagasikara, miaina anaty tsy fahampiana mpampianatra matihanina sy fitaovam-pampianarana ny sekoly ambaratonga faharoa, indrindra fa ny tsy fahampiana boky22, izay mitarika amin'ny faharatsian'ny kalitaon'ny fampianarana izay hita mibaribary (Ministère de l'Education Nationale, 2017). Eo amin'ny 80 isan-jaton'ny mpianatra eo ho eo no tsy manana fari-pahaizana ampy amin'ny famakian-teny sy ny matematika rehefa nahavita ny fianarana ambaratonga voalohany (PASEC, 2020). Ny tsy fananana ny fahaiza-manao kely indrindra ilaina mifanaraka amin'ny fianarana noratovina – ary amin'ny ankapobeny, ny faharatsian'ny kalitaon'ny fanabeazana – dia fambara iray lehibe mitondra amin'ny fandaozana sekoly (Inoue et al., 2015; Branson et al., 2014). Noho ny fahatsapana an'izany indrindra no nahatonga ny Let Us Learn (LUL) hamolavola **fampianarana fanatrarana lentam-pahalalana (CRAN)**[3] **ho an'ireo ankizy nandao fianarana tany amin'ny sekoly eny amin'ny ambaratonga faharoa**, mba hamerenana indray ny fototry ny fahaiza-mamaky teny sy manoratra ary ny fahaiza-manisa (FLN) izay ilainy mba ahafahany miverina any an-tsekoly amin'ny alàlan'ny fanarahana fandaharam-pianaranamanokana.

Ny fahaporetana ara-bola miampy ny tsy fahafahan'ny tokantrano manana fahasahiranana ara-bola mandoa saram-pianarana dia mety hahatonga ny ankizy avy amin'ireo tokantrano ireo handao fianarana (Ministère de l'Education Nationale, 2017). Ny fifindrana avy amin'ny ambaratonga fototra ho any min'ny ambaratonga faharoa dia tena an'isany manahirana eto Madagasikara, satria ny taona 2019 izao dia ankizy avy amin'ny ambaratonga fototra iray amin'ny efatra no tsy nanohy fianarana intsony (INSTAT and UNICEF, 2019). Mba hanamaivanana izany fahasahiranana izany sy hampihenana ny vola tsy maintsy alohan'ny fianakaviana sahirana entina mampiditra ny zanany hianatra amin'ny ambaratonga faharoa, ny LUL dia miantoka **fandefasam-bola misy fepetra (TMC)** ho an'ireo mpianatra izay nahavita fianarana ambaratonga fototra, nefa mety ahiana handao fianarana. Izany TMC izany dia mifandraika amin'ny fampidirana an-tsekoly sy ny fanohizana fianarana eny amin'ny ambaratonga faharoa.

Ity tahirin-kevitra ity dia mampiseho ireo voka-dehiben'ny programam-panarenana sy ny TMC nanomboka ny taona 2017 ka hatramin'ny 2020, sady mampibaribary ny lesona notsoahina avy amin'ny fidirana sy fanohizana ny fianarana eny anivon'ny ambaratonga faharoa ho an'ireo tanora matoanto mandalo fahasahiranana. Izy ity dia an'isany ampahany amin'ny tahirin-kevitry ny firenena izay natao hanatsoahana torohevitra ara-politika mifandraika amin'ny famotopotorana izay nataon'ny LUL. Manohana karazana tetik'asa maro ny LUL, ka mikendry ny hampivelarana ny fahazoan'ny mpianatra sahirana ara-pivelomana manerana ny firenena dimy misitraka fampianarana matihanina izany.[4]

***Hevi-dehibe 1:* Let Us Learn (LUL) ao anatin'ny paik'ady mivelatra mahakasika ny fampandrosoana ny fanabeazana eto Madagasikara**

Eto Madagasikara, ireo programa izay tohanan'ny LUL dia manampy tosika ny paik'ady apetraky ny UNICEF momba ny fanabeazana, ka mampivelatra ny fiitaran'izany ho amin'ny ankizy tsy mandia fianarana (OOSC) sy ho an'ireo ankizy mianatra izay tandindomin-doza. Amin'ny ankapobeny, ny paik'adim-panabeazana dia mikendry ny hanatsarana ny kalitaom-pampianarana any amin'ireo sekoly ara-dalàna amin'ny alàlan'ireto fototra telo ireto: fitaovam-pampianarana mifanaraka amin'ny filàna, fotodrafitrasa eo an-toerana voarafitra tsara ary fanamafisana ny fahaiza-mitantana ny sekoly. Efa nisy fitaovam-panabeazana sy fampianarana amin'ny teny Malagasy nahazo ny fankatoavan'ny fanjakana nozaraina ho an'ireo mpianatra miisa 496 avy amin'ny ambaratonga faharoa tamin'ny faritra telo  dia ny faritra Atsimo-Atsinanana, Vatovavy-Fitovinany (V7V) ary Analanjirofo. Ireo mpianatra ireo dia nahazo rakibolana amin'ny fiteny roa Frantsay-Malagasy, izay hanamora ny fianarana any amin'ireo toerana izay ahitana ankizy mazàna tsy miteny frantsay any an-trano, kanefa io no tenim-panabeazana ampiharina. Io paik'ady io koa dia mamporisika ny fanatsarana ny toeram-pidiovana any am-pianarana, izay voamarina fa mampiakatra ny taham-pandraisana anjara, indrindra fa ho an'ny ankizivavy, sy ny fanofanana ireo mpanolotsaina ara-panabeazana, ireo mpampianatra ary ireo talen-tsekoly, ka tafiditra ao anatin'izany ihany koa ny fampiofanana momba ny fandraisana anjara manodidina ny miralenta. Nisy fiofanana momba ny fanarahamaso ara-pedagojika izay nomena an'ireo talen-tsekoly 245 tany V7V sy Atsimo-Atsinanana, ary ireto farany indray kosa dia nanatanteraka fitsidihana mba hanohanana sekoly miisa 167 tany Analanjirofo.5[5] Ny famatsiam-bolan'ny LUL dia nanohana ny fianarana ampitain-davitra iatrehana ny valan'aretina COVID-19 manerana ny nosy. Izy ireny dia nampiasaina mba hamokarana sy hizarana taridàlana fampianaran-tena ho an'ny taranja Malagasy, Kajy ary Frantsay ho ana ankizy miisa 35.000 avy amin'ny kilasy fahafito, izay tsy afaka nanohy fianarana vokatry ny fihibohana.

2 Raha araka ny rakitahiry navoakan'ny EMIS 2014–15, ny tahan'ny boky fianarana isaky ny mpianatra dia 1/14 ho an'ny taranja Malagasy, 1/7 ho an'ny taranja Frantsay sy Anglisy ary Matematika ary 1/28 ho an'ny Siansa. Tahirin-kevitra: Ministère de l'Education Nationale (2017).

3 CRAN : « Cours de Remise A Niveau », na kilasy fanarenana.

4 Afghanistan, Bangladesh, Liberia, Madagascar ary Népal. Miovaova arakaraka ny toe-java misy eo amin'ny firenena ny vontoatin'ny programa saingy mifototra amin'ireto foto-kevitra efatra ireto: fandehanana an-tsekoly sy fanohizana fianarana any an-dakilasy; fanabeazana tsara kalitao; fanamafisana ny rafitra; ary ny fanenana ny loza mety hitranga.

5 Tsy azo natao ny nanatanteraka fanaraha-maso mivantana ny fampiofanana ara-pedagojika tany Analanjirofo vokatry ny fiparitahan'ny COVID-19 sy ny olana ara-panjakana.

## FAMERENANA NY TANORA ANY AN-TSEKOLY: ZAVATRA TSAPA AVY AMIN'NY KILASY FANARENANA

**Ny kilasim-panarenana dia manome làlam-pianarana mifanaraka amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manao fototra izay ilain'ny tanora Malagasy tsy mandia fianarana mba ahafahan'izy ireo misitraka ny programam-pianarana eny amin'ny ambaratonga faharoa.**[6] Tanora herontrerony manodidina ny 11-20 taona izay nandao fianarana teny amin'ny ambaratonga faharoa, efa roa taona latsaka, no nisoratra anarana hanaraka ny programa. Ireo ankizy tsy mandia sekoly ireo dia notsongaina sy nofidian'ny ekipa mpanentana fiarahamonina. Raha ny tena izy dia mihoatra ny antsasa-manilan'ny mpisoratra anarana no 14 ka hatramin'ny 17 taona, ny ankizy 11-13 taona kosa dia tsy mihoatra ny 11 isan-jato.[7]

Ny kilasim-panarenana dia miantomboka amin'ny fialan-tsasatry ny fahavaratra ka maharitra manditra ny roa volana.[8] Ny faharetan'ny ora fampianarana kosa dia miankina amin'ny filàn'ny ankizy tsirairay avy ary faritana amin'ny alàlan'ny tomban'ezaka izay ataon'ny mpampianatra mialohan'ny hiantombohan'ny fampianarana. Zaraina ho vondrona kely na vondrona kely mifangaro sy ampianarina isam-batan'olona eny anivon'ireo tobim-piarahamonina ny ankizy mandritra ny fotoam-pampianarana. Mba hanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana, ny CRAN dia manohana ny fiofanana ho an'ireo mpanaramaso sy mpampianatra eo an-toerana izay sady mahazao karama no misitraka fanaraha-maso ary tohana amin'ny lafin'ny fampianarana. Mandroso tomban'ezaka enti-mamantatra ny filàn'ny mpandray anjara hianatra aloha ny mpampianatra ary omena fitaovam-pampianarana sy fitaovana ahafahany mampiana-tena mifanentana amin'ny fahaizany izy ireo.  Mandray anjara amin'ny fivoriana isan-kerinandro miaraka amin'ny mampianatra avy amin'ny programam-pianarana izy ireo mba hahazoana antoka momba ny fanaraha-maso isam-batan'olona. Ao aorian'ny fampianarana dia mahazo fanampiana amin'ny fikarakarana ny antotan-taratasy ilaina amin' ny fidirany mianatra ara-dalàna amin'ny sekoly izy ireo. Ny tomban'ezaka mahakasika ny fianarana vita ao aorian'ny fiafaran'ny programa no mamaritra ny kilasy izay tokony idirany. Any amin'ny faritra sasany izay misitraka ilay programa dia mahazo fiofanana ihany koa ny mpampianatra avy amin'ny sekoly mahazatra mba hahafahan'izy ireo manohana ireo mpianatra nivoaka avy amin'ny CRAN sy ireo mpianatra hafa hita fa manana fahasahiranana amin'ny fianarana mandritra ny taom-pianarana.[9]

**Nahahenika tanora tsy mandia fianarana maro ny CRAN, saingy mbola mitaky famatsiam-bola fanampiny ny fanatrarana tanora betsaka kokoa amin'ireo tsy mandia fianarana avy amin'ireo faritra kendrena.** Niha nitombo ny isan'ny vondron'ny tanora nanaraka ny CRAN arakaraka ny vola nampiasaina isan-taona: ny vondron'ny tanorany taona 2017-18 dia nahitana mpandray anjara 9.000, ny manaraka indray dia mihoatra ny 11 000, nefa ny 2019-20 dia 3 500 monja ny isan'ny tanora nandao fianarana nisitraka izany programa izany. Raha jerena amin'ny ankapobeny dia 760 000 eo ho eo ny isan'ny tanora tsy mandia fianarana nefa efa anaty sokajin-taona tokony hiditra eny amin'ny ambaratonga faharoa eto Madagasikara ny taona 2019 (UNESCO UIS data, 2019). Araka ny atontan'isa navoakan'ny INSTAT sy UNICEF (2019) dia misy 370 000 eo ho eo ny tanora tsy miditra an-tsekoly nefa anaty sokajin-taonan'ny kilasy ambany eny amin'ny ambaratonga faharoa raha ny faritra nosafidian'ny LUL no asian-teny.[10] Ny antotan'isa sasany navoakan'ny mpandrindra ny programa dia milaza fa nisy tanora 200 000 eo no tsy miditra an-tsekoly any amin'ireo faritra voalaza teo ihany ny taona 2017-18. Midika izany fa tamin'io taona io dia nahasehaka ny 4,5 isan-jaton'ny tanora rehetra tsy mandia fianarana ny CRAN. Ny fampivelarana ny tetik'asa kilasy fanarenana, izay efa notontosain'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena miaraka amin'ny fanohanan'ny UNICEF manerana ny faritra 7 hatreto[11], dia efa an-dàlam-pahatanterahana ao anatin'ny drafitr'asan'ny fanabeazam-pirenena.

**Nahatratra ny fanamby mikasika ny fampidirana an-tsekoly ireo tanora tsy mianatra ny programa na dia eo aza ny fomba amam-panao napetraky ny kolotsaina izay manavakavaka ny tovovavy eo anivon'ny fiaraha-monina sasany.** Ny fampanambadiana zaza dia mbola misy hatrany eto Madagasikara ary mihoatra ny ampahatelon'ny zazavavy 15-19 taona no mitondra vohoka (UNICEF Madagascar, 2018) ka mampihena ny fahafahan'izy ireo hahavita ny fianarana ambaratonga faharoa.  Na dia hita manerana ny nosy aza fa ambony kokoa ny tahan'ny fidiran'ny tovovavy an-tsekoly raha ampitahaina amin'ny an'ny zazalahy ary mitovitovy ny tahan'ny fahavitan'ireo tovovavy fianarana raha mitaha amin'ireo ankizilahy, any amin'ny faritra nosafidian'ny programa toy ny Anosy kosa dia 11 isan-jato monja ny tahan'ny fidiran'ny tovovavy miditra eny amin'ny ambaratonga faharoa raha mitaha amin'ny tovolahy izay 15 isan-jato (INSTAT and UNICEF, 2019).

Ankoatr'izany, ny tahan'ny fidiran'ny tovovavy efa ampy taona mianatra dia 54 isan-jato ho an'ny tontolo an-drenivohitra raha toa ka 25 isan-jato ho an'ny tontolo ambanivohitra – fitotonganana mibaribary mihoatra lavitra ny an'ny ankizy lahy mitovitovy taona aminy (INSTAT and UNICEF, 2019). Na dia eo aza izany, ny programa dia nahavita nampiditra tovovavy nianatra vokatry ny fanentanana mafonja teny anivon'ny fiarahamonina; izany no natao dia ny mba hisian'ny fandraisana anjara ara-drariny eo amin'ny tovolahy sy tovovavy. Amin'ny ankapobeny, 49-51 isan-jato ny mpandray anjara tamin'ny programa CRAN ho an'ny mpianatra efa ho in-telo miantaona izay dia vehivavy daholo, na dia misy fiovana ihany aza izany tahan'isa izany arakaraka ny toerana sy ny andian'olona. Ao amin'ny faritr'Anosy izay voaresaka teo aloha, ohatra, ny tovovavy dia miisa 48 isan-jaton'ny mpandray anjara rehetra ny 2018-19, saingy 38 fotsiny izany ny 2017-18.

6 Ny fahalalàna fototra dia ny fahaiza-mamaky teny sy manoratra ary ny fahaiza-manisa.

7 Manondro ny mpianatra andiany 2018-19 ny akoram-pahalalàna rakitahiry, izay misy tahirin-kevitra momba ny taonan'ny mpandray anjara. Na izany aza, tsy ampy 11 isan-jato ny tahirin-kevitra mikasika an'io andiam-pianatra io.

8 Tao aorian'ny fipoiran'ny valan'aretina COVID-19, ny mpandrindra ny programa dia nieritreritra ny hanena ny faharetan'ny fianarana fanarenana ho iray volana mba hampifanarahana ny programa amin'ny taom-pianarana izay voakorontana.

9 Izany zana-tsinga izany anefa dia mbola navela ho andraiketan'ny sampan-draharaha itsinjaram-pahefana ary tsy misy fanaraha-maso rehefa hampiharina.

10 Tafiditra ao anatin'izany fanombatombanana izany avokoa ny ankizy tsy miditra an-tsekoly – fa tsy ireo nandao fianarana eny amin'ny ambaratonga faharoa efa latsaky ny roa taona ihany, izany hoe ny mponina kendren'ny CRAN. Na dia tsy mazava aza hoe iza amin'ireo mponina tsy mandeha an-tsekoly ireo no nandao fianarana tao anatin'izay roa taona lasa izay, dia maneho ny habetsahan'ny andian'ankizy tsy mianatra ao anatin'ny sokajin-taona 11-14 taona izany.

11 Analanjirofo, Androy, Anosy, Atsimo-Andrefana, Atsimo-Atsinanana, Boeny, Vatovavy-Fitovinany.


## FAMERENANA AN-TSEKOLY IREO MPIANATRA NAHAVITA HATRAMIN'NY FARANY NY PROGRAMA FANARENANA[12]

**Ireo nahavita fianarana avy amin'ny kilasy fanarenana dia saika efa niverina an-dakilasy avokoa rehefa avy nanaraka ilay làlam-pianarana**. Maherin'ny 11,000 ireo mpandray anjara tamin'ny taona 2018-19 no niverina an-tsekoly mba hamonjy ny fidirana akademika izay manomboka aoriana kelin'ny fahavitan'ny kilasy fanarenana. Ho an'ny andiany 2019-20, nahatratra 99 isan-jaton'ny taha-mpiverenana an-tsekoky (UNICEF Madagascar, 2020). Amin'ny ankapobeny, ireo mpandray anjara avy amin'ny kilasim-panarenana dia niverina nianatra mba hahafahan'izy ireo manohy ny kilasy efatra eny amin'ny ambaratonga faharoa, arakaraka ny valin'ny tomban'ezaka natao ary ireto ny tahan'isan'izy ireo izay nahitana fitoviana: 26 isan-jato no nisoratra anarana tamin'ny kilasy taona faha-enina, 24 isan-jato tamin'ny kilasy taona faha-fito, 23 isan-jato tamin'ny kilasy taona faha-valo ary 27 isan-jato tamin'ny kilasy taona faha-sivy. Ireo tahirin-kevitra avy amin'ny fanaraha-maso dia maneho fa nisy **fitoviana lehibe teo amin'ny tahan'isa amin'ny maha-lahy sy vavy teo anivon'ny mpandray anjaran'ny CRAN:** 51 isan-jato no tovolahy ary 49 isan-jato no tovovavy ny taona 2018-19. Ny 5 isan-jato amin'ireo zazavavy dia efa reny mitaiza. Ny fiakaran'ny tahan'ny fiverenana mianatra dia maneho fa lasa nanana fahazotoana sy fahatokisan-tena entina miverina an-tsekoly rehefa avy nanatrika kilasim-panarenana ny tanora misitraka izany. Ankoatra izany, ny fanentanana izay notanterahan'ireo mpiasa ao anaty programa ho an'ny vondron'olona efa voafidy dia nandray anjara tamin'ny fanapaha-kevitry ny ray aman-dreny hanoratra anarana ny zanany izay tsy nianatra teo aloha.

Ny andiany 2018-19, **fara faha-ambaniny 60 isan-jato ny mpandray anjara izay niverina nianatra no mihoatra 3 taona ny taonany raha mitaha amin'ny taona ofisialy mifandraika amin'ny dingana iray**–, izany dia mibaribary kokoa ho an'ny tovolahy raha mitaha amin'ny an'ny tovovavy. Ny fisoratana anarana rehefa be taona loatra dia zary lasa sakana lehibe iray amin'ny fanohizana fianarana satria arakaraka ny maha lehibe ny ankizy no mampihena ny fahazotoany, eny mety ho voaavakavaka koa aza izy, rehefa miditra anaty kilasy iray izay betsaka ankizy kely taona noho izy. Araka ny asehon'ny Sary fanehoana 1 anefa dia ireo mpandray anjara be taona indrindra tamin'ny programa CRAN no mora azo eritreretina hiverina hiditra eny amin'ireo kilasy ambonimbony raha mitaha amin'ny zandriny ara-taona. Tsy fantatra mazava ny anton'izany raha mety misy ifandraisany amin'ny hoe ny mpianatra efa nahazoazo taona kokoa dia efa nahazo fahaiza-manao talohan'ny CRAN na noho ny fivoarana vetivety niainany tao anatin'ilay programam-pianarana.

Ny mety ho antony hafa koa dia hoe ny mpianatra efa nahazoazo taona dia apetraka amin'ny kilasy ambonimbony kokoa mba hisorohana ny famindrana ireo efa nanaraka hatramin'ny farany ny programa CRAN any amin'ny kilasy ahitana mpianatra mbola kely kokoa, noho ny antony voalaza tetsy aloha. Ny fanangonana ny angondrakitra mikasika ny fari-pahaizan'ny mpianatra ao aloha sy aorian'ny tomban'ezaka sy ny rakitahirim-panaraha-maso momba ny fivoaran'ny fianaran'ny santiona-na mpianatra efa nahavita ny programa CRAN dia mety hanome fanazavana momba an'io fironana io. [13]Na izany na tsy izany, ny tahotra mahakasika ny mety ahazoana vokatra tsy mahafapo sy ny mety handaozana indray ny sekoly satria efa nahazo taona loatra dia mbola mijanona ho olana mipetraka ihany.

**Sary fanehoana 1. Kilasy eny amin'ny ambaratonga faharoa izay nahitana mpianatra niverina an-tsekoly araka ny sokajin-taona, CRAN andiany 2018-19.**




Loharano nanovozam-pahalalàna: Akoram-pahalalàna momba ny fanaraha-maso nataon'ny CRAN ny taona 2018-19. N=10,067. Fanamarihana: Tsy ampy ny akoram-pahalalàna momba ny taona ho an'ny 10 isan-jato eo ho eo-n'ny santionany rehetra; efa noraisina an-kajy ihany izany saingy tsy nampidirina ato anatin'ny kisary .

12 Ato anatin'ity asa fikarohana ity, ny famerenana an-tsekoly dia mifandraika amin'ireo mpianatra nahavita ny programa CRAN saingy miverina mianatra vantany vao vita ny fanarahana ilay programa, izany hoe mandritra ny taom-pianarana izay manomboka ao aorian'ny fianarana amin'ny fotoam-pahavaratra. Ny fisoratana anarana fanindroany sy ny fanarenana izay afaka ampifamadibadihana dia azo adika ho toy ny fanohizana fianarana ho an'ny taom-pianarana faharoa.


13 Tamin'ny fotoana izay namaranana ny fanoratana an'ity asa fikarohana ity (Jona 2021) dia tsy nisy io angondrakitra io.

## FIHAZONANA AN-TSEKOLY SY FANDROSOANA MAHARITRA EO AMIN'NY FIANARANA

**Na dia betsaka aza ny ankizy efa nahavita hatramin'ny farany ny programa CRAN no niverina nisoratra anarana tao aorian'ny kilasy fanarenana, dia mihoatra ny iray ampaha-efany no mandao ny sekoly ny taona manaraka an'iny.** Araka ny akoram-pahalalan'ny fanaraha-maso sy ny UNICEF Madagasikara (2020), dia 71 isan-jaton'ny andiany 2017-18 ary 75 isan-jaton'ny andiany 2018-19 no nanohy nianatra ny taona faharoa tao aorian'ny nanarahan'izy ireo ny CRAN.[14] Midika izany fa mbola misy amin'ireo sakana izay mitarika amin'ny fandaozana sekoly no mbola sarotra ialana. Ny mpandrindra ny programa dia nanatitratitra fa ny fahaterena ara-bola atrehan'ny tokantrano mba handoavana ny saram-pianarana, ny tsy fahampian'ny fitaovam-pianarana, ny fahalaviran'ny toeram-pianarana ary ny fanambadiana sy ny vohoka aloha loatra ho an'ny tovovavy no antony fototra mahatonga ny tovovavy handao fianarana ny taona faharoa tao aorian'ny nahavitany ny kilasim-panarenana. Misy akoram-pahalalàna sasany ilaina ihany anefa mba hahafantarana ny toetoetry ny ankizy nandao fianarana (ohatra taona, ny maha-lahy sy vavy, ny fikirizana amin'ny fianarana, ny fari-pananana), taona faha firy izy no nandao fianarana ary inona no antony manokana nahatonga izany. Raha hadihadiana matetika izany dia ho azon'ny mpandrindra ny programa atao ny handroso fanohanana mifanaraka kokoa amin'ny toetoetry ny mpianatra sy ny fianakaviany amin'ny lafin'ny fianarana, ara-bola ary servisy mba hampihenana ny fandaozana sekoly na ao anatin'ny fotoana antonony na maharitra. Toy izany koa, ireo angondrakotra mahakasika ny fivoarana eo amin'ny sehatry ny fianarana sy ny fandaozana sekoly aorian'ny faha-roa taonan'ny nahavitan'ny programa dia mety azo ampiasaina amin'ny fandaharam-potoana momba ny fihazonana maharitra ireo ankizy marefo hanohy fianarana eny amin'ny ambaratonga faharoa.

Ny tahan'ny fandaozana sekoly afaka herintaonan'ny nandraisana anjara tamin'ny CRAN dia miovaova arakaraka ny faritra. Araka ny asehon'ny sary fanehoana 2, ny tahan'ny fandaozana sekoly dia miainga avy any amin'ny 61 isan-jato ho an'ny Faritra Anosy, ary tonga hatramin'ny 11 isan-jato ho an'i Vatovavy Fitovinany. Na dia tsy misy ifandraisany firy amin'ny fahantran'ny faritany aza izany, ny mpiasan'ny UNICEF misahana ny fanabeazana kosa dia nametraka petra-kevitra mba hanazavana io fiovaovana isaky ny faritany io. Voaresaka ao anatin'izany ohatra ny fepetra isaky ny faritany ahafahana miditra any am-pianarana, izay mety hisy fiantraikany amin'ny fandrosoana sy ny fandaozana sekoly, toy izany koa ny fifindra-monina ao anatiny izay mety hanakorontana ny fandehanan'ny mpianatra mianatra indrindra fa any amin'ny faritra Atsimo. Ny fifindra-monina dia mety vokatry ny fitadiavana asa mifanaraka amin'ny toetr'andro (tena fahita indrindra any amin'ny faritra toy ny Atsimo-Andrefana) na mifanaraka amin'ny fomban-tany (ohatra, any amin'ny faritra Atsimo izao dia mifindra monina any amin'ny toerana hafa ny fianakaviana sasany rehefa misy havany maty). Izany fiovaovana faritra onenana izany dia mitaky asa fikarohana lalina kokoa mba hahitana ireo karazana sakana rehetra na eo anivon'ny toerana iray na tokantrano iray izay manakana ny fanohizana fianarana ambaratonga faharoa. Ny tombana ara-kalitaon'ny traikefa niainan'ireo mpianatra mahomby koa etsy an-dàniny dia afaka manampy amin'ny famantarana ireo singa mandrafitra ny fahombiazana amin'ny lafin'ny tontolom-pianarana (eo anivon'ny ankohonana sy ny ivon-toeram-pampianarana) sy ny fanatanterahana an'izany (amin'ny lafin'ny famolavolana drafitr'asa) izay azo ampiharina amin'ny tranga mitovitovy.

**Sary fanehoana 2. Tahan'ny fandaozana sekoly, 1 taona tao aorian'ny CRAN, andiany 2017-18, manerana ny talem-paritry ny fanabeazana**




Loharano nanovozam-pahalalàna: Akoram-pahalalàna momba ny fanaraha-maso nataon'ny CRAN ny taona 2018-19. N=10,067. Tsy tafiditra ao anatin'io kisary io ny faritra Androy satria tsy hita ny 60 isan-jato ny akoram-pahalalàna momba ny fihazonana an-tsekoly ho an'io faritra io. Ny fahaverezan'ny akoram-pahalalàna dia manondidina ny 0-3 isan-jato manerana ivotoeram-panabeazana hafa rehetra.

14 Ho an'ny andiam-pianatra 2017-18, nisy 5 isan-jaton'ny akoran-kevitra momba ny fihazonana an-tsekoly no very ho an'ny mpandray anjara amin'ny programa

**Misy fitoviana goavana amin'ny maha-lahy sy vavy raha mikasika ny tahan'ny fihazonana an-tsekoly eo amin'ireo mpianatra nahavita ny CRAN no asian-teny, saingy ny reny tanora kosa dia mila fanampiana betsaka kokoa mba ahafahan'izy ireo manohy fianarana**. Ho an'ny andiany 2017-18, 74 isan-jato ny tovovavy nandray anjara no voatery namerin-taona tao amin'ny sekoly mahazatra– toy izany ihany koa no zava-misy ho an'ireo tovolahy, izay nahatratra 76 isan-jato ny tahan'izy ireo. Na izany aza, raha momba ny 13 isan-jaton'ireo naharaka hatramin'ny farany ny programa fanarenana tao amin'ny CRAN ny taona 2017, izay reny tanora, dia latsaky ny antsasa-manila (42 isan-jato) no nanohy fianarana ny taona faharoa, raha mitaha amin'ny tovovavy tsy niteraka izay nanatratra 79 isan-jato no nanohy fianarana. Misy fahasamihafany lehibe ny fandraisana anjaran'ny reny tanora manerana ny faritany; mihoatra ny antsasany amin'ny tovovavy any Atsimo Andrefana no efa reny tanora daholo, kanefa latsaky ny 1 isan-jato izany any Analanjirofo na Vatovavy Fitovinany.

Any amin'ireo faritra izay betsaka reny tanora dia ilaina ny manome fanampiana manokana azy ireo mba ahafahany manohy fianarana ambaratonga faharoa, fa ilaina koa indrindra indrindra ny manentana ny vondron'olona ifotony momba ny ny zon'ny vehivavy sy ny fiarovana azy ireo mba hanenana ny fomba amam-panao izay manimba, toy ny fampanambadiana zaza tsy ampy taona. Ny fampiroboroana ny tolotra mikasika ny fikarakarana zaza mandritra ny fotoana fianarana dia hanampy ireo reny tanora amin'ny fandaminana ny fianarany sy ny fikarakarany ny tokantranony. Ireo fotoam-panarenana sy fanenjehana programa izay mifototra amin'ny fahaiza-manao ary zaraina manerana ny vondron'olona – na amin'ny alàlan'ny fampianarana ampitain-davitra[15] – no fomba mahomby hanalefahana ny fandaozana sekoly, fara-faharatsiny mba mandritra ny fotoana aloha sy ao aorian'ny fiterahana, sy hanamorana ny fiverenana an-dakilasy indray. Ilain'ny mpampianatra sy ny mpisehatra eny amin'ny fiarahamonina ny manana fahavononana sy fahaiza-manao pedagojika ahafahan'izy ireo manohana ny fampianarana mifanatri-tava sy ampitain-davitra. Ary farany, ilaina ny manana fahatakarana lalindalina kokoa mikasika ny antony mahatonga ny fandaozana sekoly eo amin'ireo reny tanora sy ny zavatra antenaina amin'ny fanovozam-pahalalàna mba ahafahana manoro làlana azy ireo amin'ny làlam-piofanana tena sahaza ho azy.

Raha ny momba an'ireo mpianatra nanaraka hatramin'ny farany ny kilasy fanarenana CRAN ny 2017-18 ka nanohy fianarana tao amin'ireo kilasy telo voalohany ao amin'ny ambaratonga faharoa (kilasy Taona faha 6-7-8) indray no resahina dia **manodidina ny 50-64 isan-jato amin'izy ireo no nanohy ny taom-pianarana manaraka, raha toa ka 30-44 isan-jaton'izy ireo no voatery namerin-taona** *(jereo Sary fanehoana 3)*. Etsy an-daniny kosa, ho an'ireo mpianatra izay nahavita ny programa CRAN ka niditra ao amin'ny kilasy farany ao amin'ny ambaratonga faharoa (kilasy Taona faha-9) dia **zara raha nisy 8 isan-jato ny taha-pandrosoana, kanefa ny taham-pamerenan-taona dia tonga hatramin'ny 82 isan-jato**.


Na dia mitsipotipotika aza ny agondrakotra mampiseho ny fandrosoan'ny fianarana satria 6-10 isan-jaton'ny akoram-pahalalàna no tsy hita ary mbola misy tsy fifanarahana koa aza ny angondrakitra sasany, dia ampy hanehoana ihany anefa izany rehetra izany fa ilaina ny mampitombo ny fanohanana ny mpianatra amin'ny kilasy ambony kokoa, indrindra amin'ny alàlan'ny fiantohana fianarana fanarenana sahaza amin'ny ambaratonga misy azy sy ny fanomezana fanampiana ara-bola tsy tapaka ny tokantrano ary ny fampahafantarana ny andraikitry ny mpikarakara amin'ny lafiny fahasalamana eo amin'ny fanabeazana ny ankizy.

**Ny tahan'ny famerenan-taona ho an'ny ankizy nahavita ny programa CRAN izay niverina nianatra dia ambony kokoa raha mitaha amin'ny salan'isam-pirenena, indrindra fa ho an'ny kilasy famaranana ny ambaratonga faharoa (kilasy Taona faha-9).** Tsy mitsaha-miakatra ny tahan'ny famerenan-taona ao anatin'ny ambaratongam-pianarana iray manontolo, ka manomboka any amin'ny 30 isan-jato amin'ny taona voalohany ka hatramin'ny 44 isan-jato ny taona fahatelo ary mifarana amin'ny taha tena avo 82 isan-jato amin'ny kilasy farany eny amin'ny ambaratonga faharoa (sary fanehoana 3). Raha jerena ny manerana ny firenena dia toy izany ihany matetika ny zava-miseho ho an'ireo taom-pamaranana ny ambaratonga rehefa misy fanadinana; miakatra ihany koa ny taham-pamerenan-taona amin'ny taona faha-efatra, saingy raha oharina dia mbola ambany kokoa izany mitaha amin'ny an'ny mpandray anjara amin'ny CRAN rehetra. Ohatra fotsiny, ny taham-pamerenan-taona manerana ny nosy amin'ny taona faha-efatra izao dia 20 isan-jato, nefa ny an'ny CRAN dia 80 isan-jato ho an'ny andiany 2017-18. Ny mety mahatonga izany dia satria ny mpianatra amin'ny taona faha-efatra izay nandao fianarana nandritra ny fotoana maharitra dia manana fahatarana amin'ny fanenjehana ny fahaizan'ny mpianatra tanora kokoa entina mahatratra ny fari-pahaizana fototra ilaina mba haharahany ny programam-pianarana. Ilaina araka izany ny manome tosika fanampiny ny mpianatra efa zokinjokiny, na amin'ny ankapobeny ireo ankizy nandao fianarana efa ela, nandritra ny taom-pianarana mahazatra. Ilaina anefa ny famolavolana angondrakitra fanampiny mahakasika ny mombamomba an'ireo mpianatra ireo mba ahafahana manohana io petra-kevitra voalaza io sy mandrafitra fepetra fanohanana mifanaraka amin'izany. Ny fanohanana arahim-panitsiana dia tokony hifanaraka amin'ny fahaiza-manao asehon'ny mpianatra; izany dia mila fanaovana tomban'ezaka matetika sy hentitra mikasika ny lesona nianarana.

Ireo mpiaramiombon'antoka izay miara-miasa amin'ny mpampianatry ny LUL dia mety hanao jery todika ny mampitombina ny adina atao amin'ny faran'ny programa mba ahafahana mametraka ny mpianatra tsirairay avy amin'ny kilasy sahaza ny fahaizany tao aorian'ny nianarany tao amin'ny CRAN - amin'ny fomba izay tsy mametraka fepetra be fitakiana be loatra ho an'ireo ankizy vaovao, vao naverina nampidirina mba hanaraka ny programa. Tahak'izany koa, ny fampianarana "sahaza ny fahatakaran'ny mpianatra", izay voaporofo fa mitondra ny anjara birikiny amin'ny fanovozam-pahalalàna (Pershad et al., 2020; Abdul Latif Jameel Poverty Action Lab, 2019) dia azo mbola hamafisina. Ny votoatin'ny lesona, ny faharetan'ny ora ianarana ary ny fitaovam-mpampianarana dia azo hampifanarahana mandrakariva amin'ny fahatakaran'ny mpianatra any am-boalohany momba ny taranja iray, araka izay efa voafaritra mialoha tamin'ny alàlan'ny fitsapana mialoha.

15 Ny fampiharana ny vahaolana tsy mila fampiasana teknolojia avo lenta toy ny fampiasana finday sy ny fitaovam-pampianarana vita printy dia fomba fanao mitondra fanantenana mba hanamorana ny fanatrarana ireo mpianatra natao an-jorom-bala rehefa mikatona ny sekoly, tafiditra ao anatin'izany ireo toerana lavitra. Jereo ohatra Chávez et al., 2021.

**Sary fanehoana 3. Taham-pivoarana sy famerenan-taonan'ny mpianatra nahatontosa ny programa CRAN izay namerina nisoratra anarana ho an'ny famerenan-kilasy, eny amin'ny fianarana ambaratonga faharoa. Ny akoram-pahalalàna dia mifanaraka amin'ny mpianatra andiany 2017-18. Ny taho andalan-dohavy ("axe X") dia manondro ny ambaratongam-pianarana nanomboka ny taom-pianarana 2017-18, hatramin'ny fotoana nanoratana anarana ao aorian'ny CRAN.**




Loharano nanovozam-pahalalàna: akoram-pahahalàna momba ny fanaraha-maso nataon'ny CRAN ny taona 2017–19. N=5,188. Fanamarihana: fahaverezan'ny akoram-pahalalàna manodidina ny 6-10 isan-jato, arakaraka ny kilasy misy, araka ny asehon'ny tsipika volondavenona eo amin'ny sary fanehoana.

Miankina amin'ny hadirin'ny kilasy sy ny fahazoa-manatanteraka azy, ny mpiasa ao amin'ny CRAN dia afaka mampivondrona ny mpianatra arakaraka ny fari-pahaizany mandritra-na fe-potoana fohy na mandritra ny fotoana fampianarana iray manontolo mihitsy, na rehefa misy lohahevitra manokana izay heverina fa laharam-pahamehana. Hitondra fanampiana ara-pedagojika mikasika azy manokana sy miivo amin'ny fahatakaran'ny mpianatra izany, zavatra izay tsy ho azo atao mihitsy raha ao anati-na vondron'olona manana fari-pahaizana samy hafa.

Araka ny hevitry ny mpandrindra ny programa, ny sakana ara-toe-karena sy ara-tsosialy dia antony lehibe izay manelingelina ny zotom-po ary mety hitarika amin'ny famerenan-taona sy ny fanapahana fianarana roa taona aorian'ny fidirana ao amin'ny CRAN, indrindra fa ho an'ireo mpianatra efa nahazoazo taona. Voafetra ihany anefa ny akoram-pahalalàna an-tsipirihany momba an'ireny sakana ireny. Raha atao ny fanadihadiana lalina momba an'ireny sakana ara-toe-karena sy ara-tsosialy ireny any anivon'ny tokantrano dia hazava ihany ny fomba ahafahana manampy ireny mpianatra amin'ny kilasy ambonimbony kokoa ireny amin'ny fomba voafaritra mazava kokoa. Izy ireo tokoa mantsy dia mety mila fotoana misimisy kokoa ahafahan'izy ireo manatanteraka asa fampidiram-bola raha mitaha amin'ny mpianatra tanora kokoa noho izy. Fomba iray mety azo atao mba hanitarana ny fanampianara ara-bola an'ireny tokantrano marefo ireny ny fampirisihana ny hisian'ny fifandraisana eo amin'ireo mpianatra misitraka ny fampianarana fanarenana ary ny tolotra sy fandaharan'asa mikasika ny fiahiana ara-tsosialy ho an'ny fianakaviana marefo.

## FAMPIROBOROBOANA NY FITOHIZAN'NY FANABEAZANA AMIN'NY ALALAN'NY TOSIKA ARA-BOLA MISY FEPETRA

Raha zava-dehibe ny fanamafisana ny fahalalàna fototra sy ny zotom-po mba hamerenana indray an'ireo OOSC eo amin'ny làlan'ny fanabeazana, dia mbola betsaka amin'ny fianakaviana Malagasy anefa no misedra sakana ara-bola izay mametra ny fahafahany manohy ny fanabeazana ny zanany ao aorian'ny ambaratonga fototra. Matetika ny fandaniana mahakasika ny fanabeazana no mandrafitra ny 40 isan-jaton'ireo fandaniana manokana ataon'ny tokantrano iray eto Madagasikara (Ministère de l'Education Nationale, 2017). Fahita matetika ny fandaozana sekoly avy eo amin'ny ambaratonga fototra ho anyamin'ny ambaratonga faharoa, ary mpianatra iray amin'ny efatra no mandao tanteraka ny sekoly.

**Ny tanjona iray lehiben'ny tosika ara-bola misy fepetra (TMC) izay ataon'ny LUL dia ny mba hanamorana ny fifindran'ny mpianatra ho any amin'ny fianarana ambaratonga faharoa sy hitohizan'ny fisoratana anarana amin'izany ambaratonga faharoa izany ihany ary hiadiana amin'ny olan'ny fahasahiranana ara-bolan'ny tokantrano marefo**. Ny TMC-an'ny LUL dia manampy ny programa nasionaly tosika ara-bola izay efa misy, dia ny fanohanana ara-bola ho fampiroboroboana ny maha-olona (TDMH) izany. Io TMC LUL io dia manome fanampiana ara-bola ny tokantrano mba hampiroboroboana ny fampianarana ny ankizy eo ampamaranana ny ambaratonga fototra sy ireo any amin'ny ambaratonga faharoa, sy ny fanjarian-tsakafo.[16] Ny fianakaviana izay

16 Ny TMDH dia famatsiam-bola omena isam-bolana ho an'ny tokantrano voamarin'ny komitim-piarahamonina fa manana fahasahiranana sady manana zaza latsaky ny 10 taona. Io tetik'asa io dia manolotra famatsiana ara-bola tsy misy fepetra ho an'ny tokantrano izay ahitana zaza tsy mbola mianatra sy ho an'ny tokantrano izay manana zanaka efa tokony hianatra amin'ny sekoly ambaratonga fototra, miankina amin'ny fahavitrihan'ny ankizy hamonjy fianarana.

misitraka TMDH dia afaka misoratra anarana amin'ny fandefasam-bola fanampin'ny LUL izay natao ho an'ny ankizy 11 ka hatramin'ny 18 taona. Ireo tokantrano izay manan-janaka mamarana ny fianarany eny amin'ny ambaratonga faharoa dia mahazo vola aloa tambabe 10.000a ariary (2,70 USD) isan-jaza amin'ny voalohany sy amin'ny faran'ny taom-pianarana. Ny tokantrano izay manana iray tampo mianatra amin'ny kilasy ambany eny amin'ny ambaratonga faharoa kosa dia andefasana 10.000ar isam-bolana isan'ankizy.[17] Ny fanamapiana ara-bola ataon'ny LUL dia voafaritry ny fisian'ny zaza mianatra ao amin'ny sekoly ambaratonga fototra hiakatra ambaratonga faharoa na ao amin'ny ambaratonga faharoaka ny taha-pahavitriana dia mahatratra 80% farafahakelny.Nanomboka ny Oktobra 2016, io fanohanana ara-bola fanampiny nataon'ny LUL io dia efa naparitaka manerana ny kaominina miisa 27 izay notsongaina tsy nahy tao anatin'ny distrika enina voasokajy ho laharam-pahamehana.[18] Ny fitsongana tsy nahy ireo kaominina ireo dia natao mba hanatanterahana jeritodika momba ny fiantraikan'ny tetik'asa amin'ny fomba hentitra izay mampitaha ny fiantraikan'ny TMC any anatin'ny vondron'olona telo : ny iray mandray ny TMC LUL ankoatran'ny TMDH, ny iray tsy mandray afa tsy TMDH ary ny iray mijanona ho mpanara-maso fotsiny ka tsy misitraka na inona na inona. Ity andalana ity dia mamaofy ny vokatra an-tenantenany momba an'izany jeritodika izany.[19]

**Ny fampiasana ny TMC-an'ny LUL amin'ireo tokantrano voasafidy dia voafetra ihany, indrindra ho an'ireo ankohonana izay tokony nahazo tombontsoa betsaka indrindra tamin'izany tohana ara-bola izany.** Manondidina ny ankizy 9000 eo – ka 70 isan-jato amin'ny ambaratonga faharoa ary 30 isan-jato amin'ny ambaratonga fototra – no efa nisitraka ny TMC LUL nandritra ny taom-pianarana 2019-20. Tao anatin'ireny ankizy nisitraka ireny dia 51 isan-jato no tovovavy. Na izany aza, ny tokantrano izay nisoratra anarana mba handray ny tosika ara-bola fanampiny dia tsy nihoatra ny 62 isan-jaton'ny totalin'ny tokantrano avy amin'ny toerana voafaritra fa afaka misitraka an'izany, ary miova arakaraka ny distrika izany. Na dia notsongaina manokana vokatry ny tsy fisian'ny fanjarian-tsakafo matetika aza ireo distrika ireo, ary ny tokantrano kosa notsongaina rehefa avy nanao fanadihadiana teo anivon'ny fiarahamonina, dia asehon'izany fanadihadiana izany fa ny tokantrano izay nisoratra anarana mba hisitraka ny tosika ara-bola fanampiny avy amin'ny UCL dia nanoratra ny anaran'ny zanany any an-tsekoly na dia tsy nisy aza izany fanohanana ara-bola izany. Tany am-piandohana, ny fianakaviana afaka misoratra anarana izay nisoratra anarana tokoa dia efa nanana taham-pisoratana anarana sy fahavitana fianarana ary fandaniana amin'ny fanabeazana ambony lavitra mihoatra an'ireo fianakaviana afaka misoratra anarana nefa tsy nisoratra. Midika izany fa ireo tokantrano izay tokony nahazo tombontsoa tamin'ny TMC dia tsy nanaiky ilay tosika ara-bola, izay mananosarotra amin'ny fijerena ireo tombontsoa rehetra azo avy amin'ny TMC amin'ny fanaovana ilay karazana tombatombana.

Misy asa fikarohana sasany izay tanterahina amin'izao fotoana izao mba handinihana ireo antony manokana mahatonga an'izany tsy faharisihana izany, ary ny voka-pikarohana azo dia zava-dehibe amin'ny fanitsiana indray ny famolavolana ny programa mba hahatonga izany hahasarika ireo tokantrano izay afaka misoratra anarana nefa tsy nanao izany ho an'ny TMC, na dia eo aza ny taha ambanin'ny fampidirana an-tsekoly.

**Na dia voafetra aza ny fampiasana azy, ny TMC-n'ny programa LUL dia nampiakatra ny tahan'ny fampianaran-jaza sy ny fotoana lany tamin'ny fianarana ho an'ny ankizy 11 ka hatramin'ny 14 taona**. Ny fanohanana ara-bola LUL dia nampiakatra ny tahan'ny fampianaran-jaza ho 6 isan-jato ho an'ny zaza 11-14 taona izay tao amin'ny taom-pamaranana ny ambaratonga fototra, na tao amin'ny ambaratonga faharoa, raha mitaha amin'ny vondron'olona nisitraka ny TMDH irery. Tany am-piandohana, 95 isan-jato ny ankizy afaka misoratra anarana amin'ny programa LUL dia efa voasoratra anarana tany am-pianarana. Satria efa ambony io taha io, dia efa tena bitika sisa ny fanatsarana azo atao amin'izany (antsoina hoe "effet de plafonnement" na vokatra faratampony). Ho an'ny sokajin-taona 11-14 taona, ny vokatr'izany fandefasam-bola izany dia nampiakatra kely 14mn ny fotoana hianarana isan'andro. Na izany aza, tsy nisy vokatra ara-statistika izay hita nampitombo ny fari-pahalalan'ny ankizy 11-14 taona hifindra amin'ny kilasy ambony.

**Tsy nahafahana nijery ny vokatra azo porofoina amin'ny voka-panadinana (15-18 taona) na ny tontolon'ny fahasalamana sy ny asa ho an'ny ankizy ny tombana natao tamin'ny fandefasam-bola fanampiny**[20]

Tsy nisy vokatra azo tsapain-tànana mikasika ny fampidirana an-tsekoly, ny fiakarana kilasy ary ny fotoana lany amin'ny fianarana ho an'ny ankizy avy amin'ny sokajin-taona zokiny. Ankoatry ny taha-paharisihana voafetra, indrindra ho an'ireo ao anaty fahasahiranana sy ny vokatra faratampony ("effet de plafonnement"), ny fanazavana azo raisina mikasika ny tsy fisian'ny fiantraikany amin'ny fampidirana an-tsekoly ho an'ny sokajin-taona 15-18 taona dia satria ireo tanora matoanto ireo dia manana hery lehibe entina mihary ho an'ny ankohonana noho ireo tanora zandriny, noho izany, dia avo kokoa ny fahafahan'izy ireo mandeha any an-tsekoly. Tsara ny toe-pahasalaman'ny tokantrano izay mahazo misoratra anarana ary ny TMC dia tsy nanome vokatra azo tsapain-tànana momba ny mety hisian'ny fitsidihana toeram-pitsaboana na ny mety hisian'ny aretina. Raha mikasika ny fampiasan-jaza indray, ny fandefasam-bola dia toa tsy mahasolo ny vola azon'ny ankizy, na mampihena ny fotoana izay laniany amin'ny asa ao an-tokantrano, na asa hafa izay tsy ahazoam-bola. Izany dia afaka manazava amin'ny ampahany hoe nahoana no nitombo kely fotsiny ny fotoana natokan'ny ankizy amin'ny fianarana.

17 Voafetra ho zaza roa isan-tokantrano ihany.

18 Mahanoro sy Toamasina II any Atsinanana; Vohipeno any Atsimo Atsinananat; Betioky any Atsimo; ary Faratsiho sy Ambohimahasoa eto amin'ny lembalemban'ny ampovoan-tany.

19 Morey and Seidenfeld, 2018. Ny vokatra farany dia azo tsidihina manomboka ny tapany faharoa amin'ny taona 2021.

20 Ny volavolan-tombatombana dia natao handinihana ihany koa ny momba ny sokajin-taona 5-10 taona, na dia tsy voakasika manokana momba ny TMC LUL aza izy ireo. Sahala amin'ny sokajin-taona 15-18 taona ihany, ny vokatra nentin'izany ho an'io andiana mpianatra io dia tsy misy dikany manokana ara-statistika amin'ny fijerena ny voka-pikarohan-dehibe rehetra.

## TENY FAMARANANA

Eto Madagasikara, mbola tena sahirana ny ankizy sy ny tanora vao tafiditra sy mahavita ny sekoly ambaratonga fototra. Enina ambitelopolo isan-jaton'ny ankizy 11-14 taona no tsy tafiditra mianatra mihitsy (INSTAT and UNICEF, 2019). Ny olana lehibe izay mipetraka dia mahantra sy tsy mahatakatra saram-pianarana ny olona no sady tsy manara-penitra ny kalitaom-pampianarana ary ampanambadiana sady miteraka aloha loatra ny tovovavy. Nasehon'ny rakitahirim-panarahamaso fa tsara ny voka-panadinana ho an'ny kilasim-panarenana noho izy mampiditra ao anatin'ny tontolon'ny fanabeazana indray ireo tanora izay nandao ny sekoly ambany eny amin'ny ambaratonga faharoa, ka ao anatin'zany ireo tovovavy nahatontosa ilay progama. 90 ka hatramin'ny 99 isan-jato ny mpianatra nanaraka hatramin'ny farany ny programa CRAN no nisoratra anarana eny amin'ny ambaratonga faharoa tao aorian'ny nahavitany ny programa. Na izany aza, nipoitra indray ny fahasahiranan'ireo mpandray anjara ary ho an'ny sasany dia lasa raiki-tampisaka mihitsy aza, satria mihoatra ny ampaha-efatr'izy ireo no nandao fianarana indray iray taona taty aoriana. Ny reny tanora moa dia miaina anaty fahasahiranana manokana. Ambony ny tahampamerena-taonan'ireo nahavita ny programa CRAN raha mitaha amin'ny salan'isam-pirenena sady miha-mitombo arakaraka ny hisondrotana kilasy.

Raha namporisika ny ankizy tsy nandia fianarana hiverina hianatra indray amin'ny fampivelarana ny fari-pahalalàna fototra amin'ny famakian-teny sy ny matematika miampy ny fandavan-tenan'ny fiarahamonina, na dia tanaty fotoana fohy ihany aza, dia voahozongozon'ny sakana ara-ekonomika kosa anefa ny fitohizan'ny fanabeazana ho an'ny ankizy avy amin'ny tokantrano sahirana ara-pivelomana. Ny TMC fanampiny avy amin'ny LUL dia nikendry ny hampihena izany sakana ara-ekonomika izany sy hanamora ny fifindrana avy amin'ny ambaratonga fototra ho any amin'ny ambaratonga faharoa. – fotoana iray manano sarotra satria mpianatra iray ao anatin'ny efatra no mandao fianarana eto Madagasikara. Na dia voafetra aza ny fampiasana azy, indrindra fa ho an'ireo fianakaviana izay tokony hisitraka an'izany, io fandefasam-bola io dia nampiakatra ny tahan'ny fampianaran-jaza ho 6 isan-jato eo amin'ny ankizy 11-14 taona.

Tsara ny manamafy fa ny mpianatra nanaraka hatramin'ny farany ny programa CRAN dia voatazona an-tsekoly mandritra ny fotoana maharitra ary ahitana fandrosoana amin'ny lafin'ny fifindrana kilasy. Voamarina izany rehefa dinihina lalina ny toetoetr'ireo ankizy mamerintaona na mandao fianarana ireo indray (taona, fari-pahaizana, fotoana laniana lavitry ny sekoly, antony handaozana ny sekoly etc.). Ny fanamafisana ny fampianarana mifandraika tsara amin'ny faripahazaina sy ny fanohizana hatrany ny fianarana fanarenana dia tokony singa fototra roa izay mandrafitra ny fitaovana enti-manohana ny fanabeazana. Ny fampianarana izay mifototra amin'ny fahaizamanaon'ny mpianatra dia tena ilaina tokoa amin'izao fotoana izao, satria ny valan'aretina dia niteraka fatiantoka amin'ny lafiny fampianarana sy fandaozana sekoly maro isan-karazany, izay nahakasika tanteraka ireo ankizy marefo ara-toe-karena tamin'ny fomba tena tsy mifandanja (Taulo et al., 2020). Mila fandraisana an-tanana fanampiny manokana mihitsy ireo reny tanora, ka anisan'izany ohatra ny momba ny fitaizana zaza eo anivon'ny fiarahamonina mba ahafahan'izy ireo mampivady ny adidy an-tokantrano sy ny fianarana.

Ilaina ny fisian'ny rafi-pitondrana izay misahana ny fiahiana ara-tsosialy toy ny TMC mba hanamaivanana ny sakana ara-ekonomika. NY fikarohana momba ny vokatra ateraky ny fisian'ny TMC dia nanoritra fa azo atao ny manatsara hatrany ny tarigetra amin'ny alàlan'ny fampivelarana ny refin-kalavitra any amin'ny tokantrano trapahasahiranana. Ireo vahaolana mitondra fanitsiana dia mety ahitana ireto fidirana an-tsehatra manaraka ireto : fanamafisana ny hetsika fanentanana mivoy ny fisoratana anarana amin'ny programa sy ny tombontsoa entiny, indrindra fa ireo toerana lavitra; fialàna amin'ny fikendrena ny tokantrano amin'ny fisitrahana ny tetik'asa mba hahafahana mikendry indray ny isam-batan'olona; fanesorana ny fepetra  isan-karazany mba hahatonga ny programa ho lasa azon'ny rehetra ampiharina  araka ny lamin'asa vaovao izay napetraky ny UNICEF ho fitsinjovana ny sosialim-bahoaka (2019) sy araka ny fikarohana vaovao momba ny lanjan'ny fanampiana ara-bola manerantany ho an'ny isan-tokantrano; ary fandrindrana ny lelavola alefa hahatonga azy hahasarika kokoa nefa voatazona ihany koa ny fahafahampivoatra izany fanohanana izany.

## FANOVOZAN-KEVITRA


Abdul Latif Jameel Poverty Action Lab (J-PAL), 'Tailoring instruction to students' learning levels to increase learning', *J-PAL Policy Insights*, 2019. https://doi.org/10.31485/pi.2522.2019

Branson, N., C. Hofmeyr, and D. Lam, 'Progress through school and the determinants of school dropout in South Africa', *Development Southern Africa*, vol. 31, no. 1, 2014, pp. 106–126.

Chávez, C., M. Valenza, A. Rigole, and T. Dreesen, 'Continuing learning for the most vulnerable during COVID-19: Lessons from Let Us Learn in Afghanistan, Bangladesh, Liberia, Madagascar and Nepal', *Innocenti Research Briefs no. 2021-02*. UNICEF Office of Research – Innocenti, Florence, 2021.

Inoue, K., E. Di Gropello, Y. S. Taylor, and J. 'Gresham, Out-of-School Youth in Sub-Saharan Africa: A Policy Perspective', *Directions in Development*, World Bank, Washington, DC, 2015.

INSTAT and UNICEF, *Enquête par grappes à indicateurs multiples – MICS, 2018*, Rapport final. INSTAT and UNICEF, Antananarivo, 2019.

Ministère de l'Education Nationale, *Plan sectoriel de l'éducation 2018–2022*, Ministère de l'Education Nationale, Antananarivo, 2017.

Morey, M. and D. Seidenfeld, *Impact Evaluation of UNICEF's Let Us Learn Cash Transfer Supplement Programme in Madagascar*. Midline Technical Report. American Institutes for Research, Washington, DC, 2018.

PASEC, 'PASEC 2019: qualité des systèmes éducatifs en Afrique subsaharienne francophone: performances et environnement de l'enseignement-apprentissage au primaire', Programme d'analyse des systèmes éducatifs de la CONFEMEN, Dakar, 2020.

Pershad, D., R. Comba and J. Bergmann, 'From schooling to learning for all: Reorienting curriculum and targeting instruction', Background paper prepared for the Save Our Future white paper Averting an Education Catastrophe for the World's Children, Save Our Future, 2020.

Taulo, W.G., J. Bergmann, T. Dreesen, and D. Nugroho, 'Unlock education for all: Focus on children furthest behind', Background paper prepared for the Save Our Future white paper Averting an Education Catastrophe for the World's Children. Save Our Future, 2020.

UNICEF, UNICEF's Global Social Protection Programme Framework, UNICEF, New York, 2019.

UNICEF Madagascar, Let Us Learn Programme Proposal, Phase III, UNICEF Madagascar, Antananarivo, 2018.

UNICEF Madagascar, Let Us Learn Annual Programme Report 2020, UNICEF Madagascar, Antananarivo, 2020.


## FISAORANA, FANDINIHANA SY FITONDRANA FANITSIANA ARY OLONA IFANDRAISANA


Ny mpanoratra dia namolavoka ity voka-pikarohana ity teo ambany fanaraha-mason'i Matt Brossard, Lehiben'ny, Fampianarana, Biraon'ny Fikarohana UNICEF - Innocenti ary Thomas Dreesen, Tale Mpanabe, Biraon'ny Fikarohana UNICEF - Innocenti.

Ny valim-pikarohana, ny fanomezana hevitra ary ny fehin-kevitra voalaza ato amin'ity tahirin-kevitra ity dia an'ny mpanoratra ary tsy voatery ho taratry ny politika na ny fomba fijerin'ny UNICEF.

Ity tatitra ity dia nodinihin'ireo mpikaroka hafa ivelany sy teo anivon'ny UNICEF. Ny mpanoratra an'ity tatitra ity dia te-haneho ny fankasitrahany noho ny anjara biriky nentin'ireto manam-pahaizana manaraka ireto izay nanaiky nanao fandinihana sy nitondra fanitsiana mahakasika io voka-pikarohana io:

Beifith Kouak Tiyab, Manam-pahaizana manokana amin'ny Fanabeazana, Biraon'ny UNICEF, Faritra atsimo sy atsinanan'i Afrika

Julia Rachel Ravelosoa, Manam-pahaizana momba ny toe-karena, misahana ny fiahiana ara-tsosialy, Faritra Afrika, Banky iraisam-pirenena

Raymondine Rakotondrazaka, Lehiben'ny Mpandrindra ny Fandaharan'asa, UNESCO Madagascar

Tsy nahiana ny fisian'ny fifangaron'andraikitra tamin'io fikarohana io, araka ny tatitra nataon'ny mpanotra na ireo manam-pahaizana nanao tombatombana.



Raha misy fanampim-baovao ilaina dia mifandraisa amin'i Marco Valenza, Mpikaroka mikasika ny Fanabeazana, Biraon'ny Fikarohana, UNICEF – Innocenti, mavalenza@unicef.org.



Ny Biraon'ny Fikarohana - Innocenti no ivotoerana voatokana ho an'ny fikarohana eo anivon'ny UNICEF. Izy io dia manao fikarohana momba ny olana mipoitra na efa misy mba hampahafantarana ny torolàlana, ny politika ary ny fandaharan'asan'ny UNICEF sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy, entina mamolavola adihevitra eran-tany momba ny zon'ny zaza sy ny fampandrosoana, ary hampahafantarana ny fandaharam-potoanan'ny fikarohana sy politika ho an'ny ankizy rehetra, ary indrindra ho an'ireo marefo indrindra. Ny fomba fijery voalaza etoana dia an'ny mpanoratra sy / na ireo nitondra fanitsiana. Raha mila zo mahakasika ny fanaovana dika mitovy na dikan-teny, dia mifandraisa amin'ny Biraon'ny Fikarohana, UNICEF - Innocenti. Ny famintinana fohy dia azo atao dika mitovy tanteraka, tsy mila alàlana raha toa ka voatondro mazava ny loharano. © Biraon'ny Fikarohana, UNICEF



**BIRAON'NY FIKAROHANA, UNICEF -INNOCENTI**

Florence, Italy

www.unicef-irc.org

+39 055 20330

florence@unicef.org

@UNICEFInnocenti

facebook.com/UnicefInnocenti


**Fikarohana mikasika ny ankizy ao amin'ny Innocenti**

